REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 03 septambra 2025 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha androany Alarobia 03 septambra 2025 ny Filankevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ary natrehin'Andriamatoa Praiminisitra, Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I. FAMPITANA AM-BAVA

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny handraisan'i Madagasikara anjara amin'ny andiany faharoa amin'ny fihaonana an-tampon'ny Afrique-CARICOM, ny 07 septambra 2025 any Addis Abeba, Ethiopie.**

Lohahevitr'izany fihaonana an-tampony izany ny hoe "Partenariat transcontinental en faveur de la justice réparatrice pour les Africains et les personnes d'ascendance africaine par le biais des réparations." Tanjona ny fanamafisana ny fifandraisana ara-politika, ara-toekarena sy ara-kolontsaina eo amin'i Afrika sy Caraïbes, fa ihany koa ny fanatanterahana ireo fanapahan-kevitry ny Vondrona Afrikanina. Ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ity fihaonana ity dia hahafahany maneho ny firaisan-kinany amin'ireo firenena afrikanina ary hahafahana ihany koa mijery ireo mety ho lalam-piaraha-miasa vaovao amin'ireo firenena mikambana eo anivon'ny CARICOM

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana anjaran'i Madagasikara amin'ny andiany faharoa amin'ny fihaonana an-tampony afrikanina momba ny toetrandro (Sommet Africain sur le Climat), ny 08 hatramin'ny 10 septambra 2025 any Addis-Abeba, Ethiopie.**

"Accélérer les solutions climatiques mondiales et le financement pour un développement africain résilient et vert" no lohahevitra ho dinihina mandritra izao fihaonana an-tampony izao. Ny tanjona dia ny hanamafy ireo ezaka iombonana eto amin'ny Kaontinanta Afrikanina momba ny fiatrehana sy ny fanalefahana ny fiovaovan'ny toetrandro. Eo ihany koa ny fampisehoana ireo vahaolana vaovao sy hetsika ifotony, ho fanomanana ny COP30 izay hotontosaina amin'ny volana Novambra 2025 any Bresil.